# FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO

**13 – 19 MEY 2016**

---

*Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara homarihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.*

## MATOAM-BAOVAO

### RESA-BE MANODIDINA NY DIAN'NY DELEGASIONA MALAGASY ANY SINGAPOUR

Niainga teto an-tanindrazana nihazo an'i Singapour ny delegasiona malagasy notarihin'ny Filohampirenena, hamonjy ilay Fihaonana momba ny Fandraharahana eo amin'i Madagasikara sy Singapour "Madagascar-Singapour Business Forum". Nahabe resaka ity dia ity satria mifanindry indrindra amin'ny fitsarana ilay raharaha mahakasika ireo andramena naondrana tsy ara-dalàna tratra tao Singapour. Nanindry mafy mihitsy anefa ny ao amin'ny Fiadianana ny Repobilika fa tena fandraharahana no foto-dia any, ary dia nanao fanambarana mihitsy aza moa ity andrim-panjakana ity andro maromaro izay fa tohin'ilay fihaonana ara-toekarena "road-show" niarahana tamin'ny mpampiasa vola avy any Londres tamin'ny herintaona ity any Singapour ity. Nanamafy ihany koa izy ireo fa ny tanjona dia ny fanamafisana ny fiaraha-miasan'i Madagasikara sy ny mpampiasa vola aziatika.

*Nanasongadina ny maha zava-dehibe ity dian'ny delegasionina malagasy ny* ***RNM*** *sy* ***TVM****. Nolazainy tamin'izany fa manokatra varavarana ho an'ny mpampiasa vola tatsinanana ho aty amintsika izy ireo. Tsy tombotsoan'olon-tokana arak'izany no anton-dian'izy ireo any, fa tombontsoan'ny Malagasy rehetra. Ankoatr'izay dia nampahafantara ireo fandraisana andraikitra nasehon'ny minisitry ny Tontolo iainana, Ndahimananjara Johanita, momba ireo andramena ihany koa ny* ***TVM****. Tamin'izany no nilazan'ity tompon'andraikitra ity fa mahaleo tena tanteraka ny Fitsarana any Singapour. Ity firenena ity rahateo dia anisan'ny nanao sonia ny fifanarahan'ny CITES ka mahafantatra tsara ny lalàna mifehy ny fitrandrahana hazo sarobidy. Ny* ***MA-TV*** *kosa dia niezaka nanome ny andinindininy mahakasika ity raharaha ity. Tetsy ankilan'izay, nanakiana mafy ireo lasa any Singapour ny tao amin'ny* ***FREE FM****. Mihevitra tokoa mantsy ity onjam-peo ity fa kisarisary aseho fotsiny hanakonana ny fampodiana ireo hazo sarobidy ity fivahinianana ity. Nandray an-tanana ny raharaha mihitsy ny Filoha na dia eo aza ny fanombohan'ny Foara Iraisam-pirenena teto Antananarivo, hoy ny onjam-peo. Amin'i Lalatiana Rakotondrazafy mantsy dia tokony ho*

*nanatrika ny fanokafana ity foara ity Andriamatoa Hery Rajaonarimampianina, toy izay efa nataony hatramin'izay. Mitovitovy amin'izany ihany koa ny fomba fijerin'ny* ***RADIO ANTSIVA*** *ka nahatonga azy nanome tsiny ny Filohampirenena. Tsy fanajana ny vahoaka malagasy ny fanafenana ny tena foto-dia, hoy ilay onjam-peo. Nametra-panontaniana ny amin'ny antony mahatonga ny Talen'ny Birao manokana miady amin'ny kolikoly ho isan'ireo delegasionina kosa ny* ***KOLO TV****. Mety mihevitra angamba ny fitondrana fa hatoky kokoa ireo mpampiasa vola rehefa mahita ireo fa voafehiny tsara ny Birao misahana ny ady amin'ny kolikoly. Ho avy hampiasa ny volany ry zareo amin'izay ary tsy hanana ahiahy na amin'ny fanaovana kolikoly na amin'ny famotsiam-bola.*

## POLITIKA ANATINY

### FIKASANA FAMPIATOANA NY FILOHAMPIRENENA: MIANTSO NY FANDRAISAN'ANDRAIKITRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA SY NY OLOM-PIRENENA NY ANTOKO FREEDOM

Nampiantso mpanao gazety ny antoko Freedom tarihin-dRamatoa Lalatiana Rakotondrazafy, ka nanambara fa efa tsy eran'ny aina intsony ny zava-misy ankehitriny ka aleo tsy miandry ny fifidianana filohampirenena amin'ny 2018. Mba tsy hitaran'ny fahantrana efa lalina nefa kosa mba tsy hidirana amina krizy vaovao indray, dia nanolo-kevitra ny Freedom fa mety ny hampiatoana ny Filohampirenena amin'ny asany amin'ny fomba manara-dalàna. Hananaraotra ny fivoriana ara-potoanan'ny Antenimieram-pirenena arak'izany ry zareo ka hanolotra izany soso-kevitra izany eo anoloan'ireo solombavambahoaka. Nangataka ihany koa ny tolo-tanana avy amin'ny vahoaka malagasy Ramatoa Lalatiana Rakotondrazafy sy ny mpiara-dia aminy amin'ny alalan'ny fanaovana sonia. Tetsy ankilan'izany dia efa nanamarika ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena, raha vao nanomboka ny fivoriana ara-potoana, fa tsy fotoanan'ny fanangonan-tsonia intsony izao satria efa nisy ny fifampiresahan'ny samy solombavambahoaka mba hahatongavana amin'ny tena fitoniana.

*Mbola nanamafy io antso ho an'ny vahoaka malagasy io i Lalatiana Rakotondrazafy tao amin'ny* ***FREE FM****. Nolazainy tamin'izany fa tsy natao hizaka ny vokatry ny tsy fahombiazan'ny mpitondra ny vahoaka. Raha tsy miova ny fomban'ireo eo amin'ny fitondrana dia vao maika hihasarotra ny raharaha. Nampahatsiahy ny zava-nitranga nandritra ny fangatahana fampiantona ny governemanta Ravelonarivo koa i Lalatiana Rakotondrazafy, raha nivahiny tao amin'ny* ***RADIO ANTSIVA****. Avy eo dia niresaka ny fametraham-pialan'io Praiminisitra io izay toa manjavozavo ihany, ka nomarihiny fa governemanta mifototra amin'ny lainga io miorina ankehitriny io. Tapi-dalan-kaleha tanteraka i Madagasikara ankehitriny, hoy izy, ka ny fampiatoana ny Filoha amin'ny asany no vahaolana. Eken'ny lalàna izany ka tsy ahiana ny hisiana krizy na tetezamita lava be*

*satria ny lalàna ihany dia mamaritra fa 30 ka hatramin'ny 60 andro aorian'ny fampiatoana no tokony hanatanterahana ny fifidianana. Nanasongadina ny zava-bitan'ny fitondrana ankehitriny kosa ny filohan'ny antoko HVM, Andriamatoa Rivo Rakotovao tao amin'ny* ***TV PLUS****. Nampahatsiahy ny lahateny nataon'ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana, izay nidera ny ezaka vitan'I Madagasikara izy. Izao vao tena mahita lalan-kizorany ny fitondrana ankehitriny, hoy ihany ity minisitry ny Fambolena ity, ka antenaina fa handroso amin'izay isika.*

## TOE-KARENA SY FIARAHAMONINA

### TSAHO MOMBA NY METY HO FISIAN'NY TSIMOKARETINA ZIKA ETO MADAGASIKARA

Nanao fanambarana tao amin'ny tranokalany ny Sampandraharaha misahana ny Filan-kevitra ho an'ny mpizahatany ao amin'ny Masoivohon'ny Frantsa eto Madagasikara, herinandro lasa izay, fa tafiditra eto Madagasikara ny tsimokaretina Zika. Andro vitsy taorian'izay dia nanao fanambarana ny minisitry ny Fahasalamana fa tsy marina izany. Nanteriny tamin'izany fa tsy mbola nisy tranga ary tsy mbola nanao fitiliana momba izany ny ao amin'ny Institut Pasteur. Na izany aza anefa, dia efa misy ny fepetra noraisina ho fisorohana ny fidiran'io tsimokaretina io eto. Efa misy ny komity manokana natsangana mahakasika izany, ahitana ny tompon'andraikitra avy ao amin'ny ministeran'ny Fahasalamana sy ny Institut Pasteur. Tetsy andaniny dia niala tsiny noho ny resaka be naterak'ilay fanambarana tsy marina nivoaka tao amin'ny tranokalany ny masoivoho Frantsay.

*Na dia teo aza ny fanambaran'ny ministeran'ny Fahasalamana, dia tsy mbola hita taratra hatreto izay tena fandraisana fepetra, hoy ny* ***FREE FM****. Naneho ny ahiahiny ny amin'ny mety ho fiantraikan'ilay vaovao tsy marina amin'ny fizahantany eto Madagasikara kosa ny* ***VIVA TV****. Mety tsy hahafoana ny tsy fahatokisan'ireo maniry hitsidika eto akory ny fanambarana fa diso iny, hoy ilay fahitalavitra.*

**Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :**
Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu
Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu
Site web: www.incipals.eu

Leader du Consortium
Membres du Consortium
CENTRE EUROPEEN D'APPUI ELECTORAL
Ce projet est financé par l'Union européenne